**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany



# Ny valisoan'ny faharetana tsara

"Fony aho zatovolahy dia mpanolotsaina ny filohan'ny distrika iray izay manam-pahendrena aho. Niezaka nampianatra tsy tapaka ahy izy. Tsaroako ny torohevitra iray izay nomeny ahy indray andro. "Rehefa mahita olona ianao dia raiso ohatra ny hoe manana olana goavana izy ireo ka dia ho marina ianao amin'ny ankabetsahan'ny fotoana." Nihevitra aho tamin'izay fa olona mora kivy izy. Ankehitriny, 50 taona mahery aty aoriana, dia hitako fa tena nahatakatra tsara izao tontolo izao sy ny fiainana izy.

Manana fitsapana atrehana avokoa isika rehetra—indraindray dia fitsapana tena sarotra izany. Fantatsika fa ny Tompo dia mamela antsika hiaritra fitsapana mba hahatonga antsika ho voadio sy hatao lavorary hahafahantsika hiaraka Aminy mandrakizay.

Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny fonjan'i Liberty ny Tompo fa ny valisoan'ny faharetana tsara ireo fitsapana nahazo azy dia hanampy hahatonga azy ho mendrika ny fiainana mandrakizay:

"Anaka, fiadanana anie ho an' ny fanahinao; ny fahorianao sy ny fijalianao dia tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy;

Ary rehefa izany, raha iaretanao tsara izany, dia hanandratra anao ho amin' ny avo Andriamanitra; ary ho resinao avokoa ny fahavalonao" (F&F 121:7–8).

Miaina fahasarotana sy fitsapana maro isika mandritra ny fiainana iray manontolo ka toa sarotra ny maharitra tsara. Mety ho toy izany ho an'ny fianakaviana izay miantehitra amin'ny vokatra rehefa tsy misy ny orana. Mety hanontany tena izy ireo hoe: "Hafiriana isika no afaka hiaritra?" Mety ho toy izany ho an'ny zatovo iray izay miatrika ny fanoherana ny fitobahan'ny rendrarendra sy ny fakam-panahy. Mety ho toy izany ho an'ny zatovolahy iray izay sahirana amin'ny fahazoana ny fianarana na ny fiofanana ilainy hahazoana asa mba hanohanana ny vadiny sy ny fianakaviana. Mety ho toy izany ho an'ny olona iray izay tsy mety mahita asa na izay very asa rehefa nikatona ny orinasa. Mety ho toy izany ho an'ireo izay miatrika ny fiharatsian'ny fahasalamana sy ny tanjaka ara-batana, izay mety ho tonga aloha na aoriana eo amin'ny fiainan'izy ireo na eo amin'ireo olon-tian'izy ireo.

Kanefa Andriamanitra be fitiavana dia tsy nanome fitsapana toy izany antsika mba hahitana fotsiny raha toa ka afaka maharitra fahasarotana isika fa mba hahitana kosa raha toa ka afaka maharitra tsara azy ireny isika ka ho tonga voadio.

Ny Fiadidiana Voalohany dia nampianatra toy izao ny Loholona Parley P. Pratt (1807–57) tamin'ny vao nantsoina ho mpikambana ao amin'ny Kolejin'ny Apostoly Roambinifolo izy: "Ianareo dia nantsoina hanao asa iray izay mitaky ny fifantohanareo manontolo; . . . mba ho lasa zana-tsipìka voalambolambo. . . . Tsy maintsy miaritra fisasarana be, asa be, ary fisedrana be ianareo mba ho tonga voalambolambo lafatra. . . . Mitaky izany ny Rainareo any An-danitra; Azy ny saha; Azy ny asa; ary Izy dia . . . hankahery anareo . . . sy hanohana anareo."[1]

Miresaka momba ny vokatry ny faharetana tsara i Paoly ao amin'ny bokin'ny Hebreo: "Fa ny famaizana rehetra

dia tsy atao ho mahafaly andro anaovana, fa mampahory; fa rehefa afaka izany dia vao mitondra ny vokatry ny fahamarinana hiadanana ho an'izay nanaovana azy izy" (Hebreo 12:11).

Ireo fisedrana sy fahasahiranantsika dia manome antsika ny fahafahana hianatra sy hitombo, ary mety hanova ny toetrantsika mihitsy izy ireny. Rehefa afaka mitodika any amin'ny Mpamonjy isika ao anatin'ireo fisedrana mahamay indrindra, dia afaka ny ho voalambolambo ny fanahintsika eo am-paharetantsika.

Noho izany, ny zavatra tokony hotsaroana voalohany dia ny mivavaka mandrakariva (jereo ny F&F 10:5; Almà 34:19–29).

Ny zavatra faharoa dia ny miezaka tsy tapaka ny hitandrina ireo didy—na inona na inona fanoherana, fakam-panahy, na fahoriana manodidina antsika (jereo ny Mosia 4:30).

Ny zavatra fahatelo tena manan-danja tokony hatao dia ny manompo ny Tompo (jereo ny F&F 4:2; 20:31).

Manjary mahafantatra sy tia Azy isika eo am-panompoana ny Tompo. Hanomboka hamantatra ny tanan'ny Mpamonjy sy ny fitaoman'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika isika raha toa ka maharitra amin'ny vavaka sy fanompoana am-pahatokiana. Maro amintsika no nisy fotoana nanao izany karazana fanompoana izany sy nahatsapa izany finamanana izany. Rehefa mieritreritra izany fotoana izany ianareo dia hahatsiaro fa nisy fiovana teo aminareo. Toa mietry ny fakam-panahy hanao ratsy. Mitombo ny faniriana hanao ny tsara. Ireo izay nahafantatra tsara anareo sy tia anareo dia mety miteny hoe: "Lasa tsara fanahy sy manam-paharetana kokoa ianao. Tsy toa ilay olona taloha intsony ianao."

Tsy ilay olona taloha intsony ianareo. Novaina tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ianareo satria niantehitra Taminy tao anatin'ny fotoan'ny fisedrana anareo.

Mampanantena anareo aho fa hanampy anareo ao anatin'ny fisedrana anareo ny Tompo raha toa ka mikatsaka sy manompo Azy ianareo ary ho voalambolambo ny fanahinareo ao amin'izany dingana izany. Manao fanamby aminareo aho mba hametraka ny fitokisanareo Aminy ao anatin'ireo fahorianareo rehetra.

Fantatro fa velona Andriamanitra Ray ary mandre sy mamaly ireo vavaka ataontsika Izy. Fantatro fa ny Zanany Lahy, Jesoa Kristy, dia nanefa ny fahotantsika rehetra ary tiany hanatona Azy isika. Fantatro fa miambina antsika ny Ray sy ny Zanaka ary nanomana fomba haharetantsika tsara sy hodiana indray Izy ireo.

**FANAMARIHANA**

1. *Autobiography of Parley P. Pratt,* ed. Parley P. Pratt Jr. (1979), 120.

### FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Manana fisedrana izay mitsapa ny finoantsika sy ny fahafahantsika maharitra isika rehetra. Hevero ny zavatra ilain'ireo olona ampianarinao sy ny olan'izy ireo. Mialoha ny fitsidihana dia afaka mangataka fitarihana ianareo hahafantarana ny fomba tsara kokoa hanampiana azy ireo haharitra tsara. Azonareo atao ny miresaka ireo fitsipika sy ireo soratra masina noresahan'ny Filoha Eyring, ka anisan'izany ny vavaka, ny fanompoana, ary ny fitandremana ireo didy. Afaka mizara ny zavatra niainanao manokana ihany koa ianao momba ny nitahiana anao ka nanampy anao haharitra tsara.

## ZATOVO

## Rehefa nodimandry ny namako

Nosoratan'i Samantha Linton

Nandritra ny taonako voalohany tany amin'ny lycée, tsentsina ny lalan-drà tany amin'ny atidohan'ny namako ka nodimandry izy ny ampitso. Mbola nanana olana aho na dia efa mpikamban'ny Fiangonana aza. Nampianarina ahy nandritra ny fiainako iray manontolo fa afaka mitodika amin'ny Ray any An-danitra amin'ny zava-drehetra aho, saingy tsy mbola nandalo zavatra ohatra ity velively aho teo aloha.

Nitomany nandritra ny ora maro aho, niezaka ny hitady zavatra—na inona na inona—hanome fiadanana ho ahy. Ny ampitso alin'ny nahafatesany dia nitodika tao amin'ny fihirana aho. Raha namadibadika ireo pejy aho dia nahasokatra ny boky teo amin'ny "Demeure Auprès de Moi, Seigneur" (*Cantiques,* no. 93). Nanintona ny saiko ny andininy fahatelo:

*Mitoera eto amiko*
*Hangina ny alina,*
*Raha tsy miresaka aminao,*
*Na tsy tarihinao.*
*'Lay haizina hatahorako,*

*Hankao an-tranoko.*
*Mpamonjy ô, aza mandao!*
*Fa indro ny alina.*

Nameno fiadanam-be ho ahy io andininy io. Fantatro tamin'izay fa tsy hoe afaka ny hijanona fotsiny niaraka tamiko ny Mpamonjy io alina io fa fantany tsara ihany koa ny fahatsapako. Fantatro fa ny fitiavana tsapako tamin'ny alalan'ilay hira dia tsy nanampy ahy hamakivaky ny alina fotsiny fa nanampy ahy hamakivavky ireo fisedrana maro hafa izay niaretako.

**Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.**

**Azonao alaina ao amin'ny lds.org/go/7176 ny "Demeure Auprès de Moi, Seigneur".**

© 2017 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Natonta tany Etazonia.
Fankatoavana ny tamin'ny teny anglisy: 6/17. Fankatoavana ny fandikana: 6/17. Fandikana ny *First Presidency Message, July 2017*. Malagasy. 97927 654

Finoana, Fianakaviana, Fanampiana

# Mba ho iray ihany izy

*Halalino amim-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantatra izay tokony hozaraina. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fahatakarana ny tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana hanomana ireo zanakavavin' Andriamanitra amin'ireo fitahian'ny fiainana mandrakizay?*

"Nahatontosa ilay firaisam-po tonga lafatra tamin'ny Ray i Jesoa tamin'ny alalan'ny fanekeny manokana, ny vatany sy ny fanahiny, hanao ny sitrapon'ny Ray," hoy ny nampianarin'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kolejin'ny Apostoly Roambinifolo.

". . . Azo antoka fa tsy ho iray miaraka amin' Andriamanitra sy Kristy isika raha tsy ny sitrapony sy ny zavatra manan-danja Amin'izy ireo no iriantsika indrindra. Tsy ho azo ao anatin'ny indray andro ny fanaovana toy izany, saingy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia hitantana sy hampianatra antsika ny Tompo raha toa isika ka manaiky, mandrapahazoana miteny marina, rehefa mandeha ny fotoana, fa ao amintsika Izy tahaka ny maha ao Aminy ny Ray."[1]

I Linda K. Burton, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany dia nampianatra ny fomba atao hahazoana izany firaisam-po izany: "Ny fanaovana sy fitandremana ny fanekempihavanantsika dia fanehoana ny fanoloran-tenantsika ho lasa tahaka ny Mpamonjy. Ny tena tsara indrindra dia ny miezaka hanana ilay toetra nambara tsara ao amin'ny fihirana be mpankafy iray: 'Ny lala*nao* no lalako . . . Holazaiko izay tia*nao* holazaiko. . . . Ho tonga tahaka ilay olona tia*nao* hahatongavako aho.' "[2]

Nampahatsiahy antsika ihany koa ny Loholona Christofferson fa "rehefa miezaka isan'andro sy isan-kerinandro isika mba hanaraka ny dian'i Kristy dia manamafy ny fahamboniany ny fanahintsika, mihatony ny ady ao anaty, ary mitsahatra ny manakorontana ireo fakam-panahy."[3]

Nijoro ho vavolombelona momba ny fiezahana mampitovy ny sitrapontsika amin'ny sitrapon'Andriamanitra i Neil F. Marriott, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany, hoe: "Sahirana aho tamin'ny fanaisorana ilay faniriana amin'ny maha-olombelona hoe ny fomba*ko* ihany no arahina, saingy tsapako tamin'ny farany fa tena tsy ampy sy voafetra ary ambany teo anatrehan'ilay fomban'i Jesoa Kristy ny fombako. 'Ny fomban['ny Raintsika any An-danitra] no lalana mitondra mankany amin'ny fahasambarana eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny fiainana mandrakizay any amin'ilay tontolo ho avy.' "[4] 'Ndeha isika hiezaka amim-panetrentena mba hiray hina amin'ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy.

### *Soratra masina sy fampahalalana fanampiny*

Jaona 17:20–21; Efesiana 4:13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27; *reliefsociety.lds.org*

**FANAMARIHANA**

1. D. Todd Christofferson, "That They May Be One in Us," *Liahona,* nôv. 2002, 73.
2. Linda K. Burton, "Ny hery sy fifaliana ary fitiavana avy amin'ny fitandremana ny fanekempihavanana," *Liahona,* nôv. 2013, 111.
3. D. Todd Christofferson, "That They May Be One in Us," Liahona, 71.
4. Neill F. Marriott, "Manolotra ny fontsika ho an' Andriamanitra," *Liahona,* nôv. 2015, 30.

### *Eritrereto Ity*

Ahoana no fomba hanampian'ny fanaovantsika ny sitrapon'Andriamanitra antsika mba ho tonga tahaka Azy bebe kokoa?

© 2017 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Natonta tany Etazonia. Fankatoavana ny tamin'ny teny anglisy: 6/17. Fankatoavana ny fandikana: 6/17.
Fandikana ny *Visiting Teaching Message, July 2017.* Malagasy. 97927 654